Ilay Voa Tsara Nafafy 14 Oktobra 2018

14 Alahady oktobra

Raha nanao fivavahana sy fangatahana nomban'ny fitarainana mafy sy ny ranomaso be tamin'Izay nahavonjy Azy tamin'ny fahafatesana Izy *(Jesosy)* ... dia nianatra fanarahana tamin'izay fahoriana nentiny Izy ... tonga loharanon'ny famonjena mandrakizay, ho an'izay rehetra manaraka Azy. Hebreo 5. 7-9

Saha roa (2)

Ny Baiboly dia miresaka saha iray hafa koa, antsoina hoe Getsemane, ao an-tendrombohitra Oliva (Marka 14. 32; Lioka 22. 39). Tao Jesosy no nandohalika nivavaka nandritra ny alina. Feno alahelo sy tebiteby ny fanahiny. Mafy indrindra ny ady tao anatiny, ka nanjary tahaka ny ra ny hatsembohany, nipatrapatraka tamin'ny tany, ary naniraka anjely hampahery Azy ny lanitra (Lioka 22. 43-44). Satria izay no sitrapon'Ilay Ray malalany, dia tsy maintsy neken'i Jesosy, Ilay hany marina, ny hitondra amin'ny tenany ny fahotantsika rehetra sy hizaka ny fitsarana ireo, fitsarana tsy azo ihodivirana avy amin'Ilay Andriamanitra masina.

Izany fanekeny izany dia sady nilaina no tsy maintsy natao, mba handresena ny fahavalo, Satana, ary koa mba hahazoan'ny olombelona mpanota mandray ny fahasoavan'Andriamanitra. Hoy ny antsoantson'i Jesosy : „Raiko ô, raha sitrakao, dia esory amiko ity kapoaka ity; nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao" (Lioka 22. 42). Nanana fiombonana tsy tapaka tamin'Andriamanitra i Jesosy, ka ny fanoloran-tena feno fitiavana nataony dia nanjary nametraka Azy teo anatrehana toejavatra mampangorohoro : hizaka ny fandaozan'Andriamanitra sy ny fahatezerany. Jesosy, Ilay Lehilahy lavorary tamin'ny fankatoavana, dia hankatò hatrany amin'ny fahafatesana.

Saha roa samy hafa no asehon'ny Baiboly. Saha Edena, paradisa mahafinaritra, kanefa very mandrakizay noho ny tsy fankatoavan'ny olona. Saha Getsemane, namirapiratan'ny halavorarin'Ilay Lehilahy feno fankatoavana, tao anaty alina maizim-pito. Tao amin'ilay saha voalohany dia te hisandratra mba hitovy amin'Andriamanitra ny olombelona noarìny. Tao amin'ilay saha faharoa kosa, dia Ilay Zanak'Andriamanitra no nanetry tena sy nanaiky hiaritra fijaliana sy fahafatesana, mba hamonjy olombelona very.